15

# NY SOKAJIN-TENY

## TANJONA

- Mamantatra ny sokajin-teny matoanteny.

## LESONA HOTADIDINA

Ny atao hoe "Matoanteny" dia teny manambara fisehoan-javatra na asa, azo soratanaamin'ny filazam-potoana telolafy : ankehitriny, lasa, hoavy ; tsy misaraka mandrakariva amin'ny mariky ny fotoana, afaka miova endrika inefatra ka hatramin'ny inenina rehefa solosoloina ny tsirinteny ao aminy.

Misy karazany telo ny matoanteny :

→ Matoanteny ampy endrika, raha enina ny endrika azo.

Ohatra : mamboly, avoly, volena,ambolena, mampamboly, mifamboly

→ Matoanteny tsy ampy endrika, raha endrika efatra fotsiny no azo ka ao anatin'izany ny endrika aman-tsirinteny sara-droa.

Ohatra : mitondra, itondrana, mifampitondra, mampitondra.

→ Matoanteny solo endrika, izay enti-manehony tsy ampy endrika ao amin'ny matoanteny tsyampy endrika.

Ohatra : entina, ndesina

Ireo paika entina hanavahana ny matoanteny amin'ny sokajin-teny hafa :

→ fantarina raha manambara hetsika na asa ilay teny

→ fakafakaina na afa-miaraka amina filazam-potoana telolafy izy na tsia

→ tadiavina izay endri-teny hafa mety ho azo avy aminy ka afa-miaraka amin'ny filazam-potoana.

→ jerena raha efatra na enina ny isan'ny endrika azo.

## Sahanasa 1

Jereo ireto fehezanteny ireto :
F1 : Ividianana fitaovam-pianarana ny ankizy.
F2 : Naroso ny sakafo rehefa tonga ny vahiny.
F3: Hitondra akanjo mafana izy.

1) Tsipiho ny EM ao anatin'ireo fehezanteny ireo.
2) Lazao na manambara fisehoan-javatra na asa ireo EM ireo
3) Afaka miaraka amin'ny filazam-potoana telolafy ve ireo? Asehoy izay mariky ny fotoana hitanao eo aminy.
4) Ovaovao ny tsirinteny ao aminy ka ampiasao daholo ireo tsirinteny mampiditra matoanteny raha mety
5) Matoanteny inona avy ireo?

## Sahanasa 2

Ireto misy fehezanteny :
F1 : Matavy be ilay omby mifaha.
F2 : Ny ankizy dia hilalao baolina rehefa mirava.
F3: Andihizan'ny mpanakanto ny kianja.
F4 : Ny vola fanampiana dia nanomezany azy mianaka.

1)Tsipiho izay teny mitana anjara asa EM amin'ireo fehezanteny ireo.
2)Fenoy arak'izany ity fafana ity:

| | EM | Zavatra ambarany (fisehon-javatra sa asa) | Filazam-potoana | | | Mariky ny fotoana n-/ m-/ h-; n(o)/ Ø/ h(o); Ø/ ho; t-/ Ø | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | ankehitriny | lasa | Ho avy | ankehitriny | lasa | Ho avy |
| F1 | | | | | | | | |
| F2 | | | | | | | | |
| F3 | | | | | | | | |
| F4 | | | | | | | | |

## Sahanasa 3

Mamorona fehezanteny telo ahitana matoanteny ampy endrika, matoanteny tsy ampy endrika, ary matoanteny solo endrika.